


# Nilaza i Jesoa ny mba hitiavantsika ny namantsika

Indray andro dia nisy lehilahy anankiray nanontany an'i Jesoa Kristy hoe inona ny didy lehibe indrindra. Nilaza i Jesoa fa ny didy lehibe voalohany dia ny mitia an'Andriamanitra. Avy eo Izy dia nilaza fa ny faharoa dia hoe "tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Marka 12:31). Midika izany fa tokony ho tia ny hafa isika ary mandray azy ireo amin'ny fomba tiantsika handraisan'ny olona antsika.

**Azonao vakina ao amin'ny Marka 12:28–31 izany tantara izany.**

## AFAKA MITIA NY NAMAKO AHO

- Mieritrereta fomba iray azonao hanampiana ny mpiara-monina aminao.
- Mivavaha dia manaova drafitra hanampiana azy ireo.



- Ataovy ny drafitrao!

Hetezo ity karatra ity mba hampahatsiahivana anao hanohy hanampy toa an'i Jesoa.



Io vondrona ankizy ao amin'ny Kilonga avy ao **Mississipi, Etazonia** io dia nanampy tamin'ny fanadiovana ny tranon'ny mpiara-monina taorian'ny fandalovan'ny rambon-danitra.

**Ahoana no fomba hiezahanao hanampy ny hafa, tahaka ny nataon'i Jesoa? Soraty dia lazao anay.**